TARATRA



## "MARATHON INTERNATIONAL DE TANA"

# Hanala vela amin'i Lebon i Hajanirina

***Hiditra amin'ny andiany faha-16 ny «Marathon international de Tana». Efa tomombana ny fikarakarana rehetra. Vonona, toraka izany, koa ny mpandray anjara, indrindra ireo atleta malagasy, hiatrika izany.***

Tsy misy ny fiovana fa ny alahady 16 oktobra no hanatontosana ny *«Marathon international de Tana»*. Io no nambaran'ireo tomponandraikitra avy amin'ny VIMA (Vision Madagascar) sy ny federasiona malagasin'ny atletisma, miaraka amin'ireo mpanohana sy mpiara-miombonantoka rehetra, tamin'ny mpanao gazety, omaly tetsy Antaninarenina.

Hanao be fiavy amin'izany, ry zareo Renioney izay hisy mpihazakazaka 12 mianadahy, ka ho anisan'izany, Jean-François Lebon, nandrombaka ny fandresena tamin'ny andiany 2015. Ankoatra azy ireo, eo koa ny Maorisianina, hisy atleta 5. Vonona ary tapa-kevitra hifanandrina amin'izy ireo, ny mpifaninana malagasy. Anisan'izany, i Hajanirina sy Jean de La Croix. Hanala vela, manoloana an'i Lebon amin'ity izy mirahalahy ireo. *"Hiezaka mihitsy izahay, hanohana ny atleta malagasy, ka hanao izay hahazoan'izy ireo ny fandresena fa tsy omena ny vahiny intsony"*, hoy Ramanantsoa Norolalao, filohan'ny federasiona.

Tsiahivina fa hahazo 1.500.000 Ar, miampy medaly volamena ny voalohany amin'ity.

Ankoatra ny *"Marathon"*, hisy koa ny fifaninanana hafa toa ny 10 km foulées, ny handi-run, ho an'ny atleta manana fahasembanana ary ny Marathoons, 1, 5 km.

Tsiahivina fa loh-hevitra entina amin'ity hazakazaka ity ny ady amin'ny otrikaretina Sida sy ny fikajiana ny tontolo iainana.




***Amin'ny 16 oktobra izao izany ny fotoana ho an'ny mpankafy hazakazaka, ao anatin'ny "Marathon international de Tana".***

**Tompondaka**